SUJET B.E.P.C OFFICIEL

SESSION : 2009

MATIERE : MALAGASY

LAHATSORATRA

Tsy maintsy miezaka aloha ny mpamokatra mba hahazo vokatra betsaka sady tsara ary afaka mifaninana amin'ny hafa. Tsy maintsy mitady lalam-barotra na tsena azo antoka koa izy mba hahafahany mivarotra ny vokany amin'ny vidiny tsara kokoa.

Amidy àry ireo vokatra ireo mba hivadika ho vola. Ny vola azo kosa dia anampiana ny renivola na ampiasaina mba hahazoana mampitombo sy manatsara bebe kokoa ny famokarana. Ny kendrena voalohany amin'izany dia hampitomboana ny harena sy hampiakarana ny fari-piainan'ny isam-batan'olona sy ny ankohonany.

Raha ny zava-misy no dinihina, dia tsikaritra fa nampitombo sy nanatsara hatrany ny vokatra sy ny harena teto amin'ny firenena io fomba fihariana io ; kanefa tsy naharaka ny filàn'ny mpanjifa izany tolotra izany, hany ka niakatra hatrany ny vidim-piainana, nihena ny fahafaha-mividin'ny tsirairay, nitombo ny elanelana mampisaraka ny manankarena sy ny mahantra

Nalaina tamin'ny boky LOVAKO, tak.67

FANONTANIANA

A. MIKASIKA NY LAHATSORATRA :

1. Fahazoana ny lahatsoratra :

1.1. Hevi-teny :

a)- Omeo ny teny na andian-teny mitovy hevitra amin'ny teny misy tsipika eo ambaniny, ao amin'ity fehezanteny ity :

« Amidy ireo mba hivadika ho vola ».

b)-Omeo ny teny na andian-teny mifanohi-kevitra amin'ny teny misy tsipika eo ambaniny, ao amin'ity fehezanteny ity :

« Hany ka niakatra ny vidim-piainana ».

1.2. Hevitra ao amin'ny lahatsoratra :

Araka ny hita ao amin'ny lahatsoratra, inona no tokony hatao mba hahafahana mivarotra ny vokatra amin'ny vidiny tsara kokoa ?

1.3. Famintinana ny lahatsoratra :

Fintino amina fehezanteny telo ny hevi-dehibe raketin'ny lahatsoratra.

2. Fitsikerana ny lafiny fanehoan-kevitra :

2.1. Ny mpanoratra sy ny asa soratra :

a)- Milazà lohateny roa ao amin'ny boky : « Lavakombarika ».

b)- Lazao ny asa nataon'i Esther Randriamamonjy.

2.2. Ny sokajin-dahatsoratra :

a)- Lazao ny sokajy misy io lahatsoratra io.

b)- Manomeza porofo roa manamarina ny valin-teninao.

2.2. Fanehoana ny kanto :

« Niakatra hatrany ny vidim-piainana, nihena ny fahafaha-mividin'ny tsirairay, nitombo ny elanelana mampisaraka ny manankarena sy ny mahantra ».

Lazao ny sarin-teny hita ao amin'io fehezanteny io.

B. MIKASIKA NY RIBA :

1- Riba ao amin'ny lahatsoratra :

1.1- Fisehon'ny riba :

a)- Araka ny hita ao amin'ny lahatsoratra, inona ny toe-tsaina tokony hananan'ny mpamokatra raha te hahazo vokatra tsara ?

b)- Araka ny hita ao amin'ny lahatsoratra, inona ireo tanjona tratra amin'ny fampiasana io fomba fihariana io ?

1.2. Hevitra fonosin 'ny riba :

a)- « Ny vola azo kosa dia anampiana ny renivola na ampiasaina mba hahazoana mampitombo sy manatsara bebe kokoa ny famokarana». Inona no hevitra fonosin'io fehezanteny io ?

b)- «Raha ny zava-misy no dinihina, dia tsikaritra fa nampitombo sy nanatsara hatrany ny vokatra sy ny harena teto amin'ny firenena io fomba fihariana io ».

Inona no soatoavina hita taratra ao amin'io fehezanteny io ?

2- Riba ao amin'ny fandaharam-pianarana :

2.1- Fisehon'ny riba :

a)- Milazà anarana roa ilazana ny famorana.

b)- Inona no anaran'ny omby vonoina amin'ny famadihana ?.

2.2- Hevitra fonosin 'ny riba :

a)- Inona no hevitra fonosin'ny fahazoana lahy voalohany rehefa teraka ?

b)- Milazà ohabolana iray ahitana ny terny hoe : « Vary »

D. MIKASIKA NY FITSIPIKA :

1- Rafi-teny :

1.1- Endri-teny :

a)- Tsimpony ao amin'ity fehezanteny ity ireo teny ahitana tsofoka manatevina tovona mivaky :

«Ny kendrena dia hampitombo ny harena sy hampiakatra ny fari-piainan'ny isam-batan'olona ».

b)- Rasao ny teny misy tsipika eo ambaniny ao amin'ity fehezanteny ity ary omeo ny anaran'ny hasin-teny tsirairay :

« Ny vola dia anampiana ny renivola. »

1.2- Sokajin-teny :

Fenoy miainga amin'ity fehezanteny ity ny tsanganana.

« Raha ny zava-misy no dinihina, dia tsikaritra fa nampitombo sy nanatsara hatrany ny vokatra sy ny harena teto amin'ny firenena io fomba fihariana io. »

TENY	SOKAJIN-TENY
Nanatsara	……
……..	Tambinteny
Fihariana	……..
……..	Mpisolo toerana

2. Fifehezan-teny :

2.1- Anjara asa :

Omeo ny anjara asan'ny teny misy tsipika eo ambaniny ao amin'io fehezanteny io :

« Marina fa nitombo betsaka ny vokatra tamin'ity taona ity. »

2.2- Hevitra ara-drafitra sy fitodika :

a)- Hevitra ara-drafitra :

Omeo ny hevitra ara-drafitry ny teny misy tsipika eo ambaniny ary hamarino ny valin-teninao.

F1 : Hivadika ho vola ny vokatra.
F2 : Nanatsara ny vokatra io fomba fihariana io.

b)- Fitodika :

Lazao ny fitodik'ity fehezanteny manaraka ity ary hamarino ny valin-teninao.

« Ny kendrena dia hampitombo ny vokatra sy ny harena. »

2.3- Fifehezan-kevitra :

Avaho ny fehezan-kevitra amin'ity fehezanteny ity ary lazao ny fifandraisany.

« Raha ny zava-misy no dinihina dia mitombo sy mihatsara ny vokatra. »

E. FAMORONAN-DAHATSORATRA :

Misy ezaka ataon'ny fitondrana tetezamita hampandroso haingana ny firenena amin'izao fotoana izao. Inona avy ireo ezaka ireo araka ny hevitrao ?

Tohano amina ohatra mazava ao anaty fehezanteny dimy ambin'ny folo (15) manaraka rafitra sy drafitra ka tsy ahitana tsipelina diso ny valin-teninao.